Fivavahana Ankasitrahan'Andriamanitra (Fizarana 1)

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 15, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

EKEN'ANDRIAMANITRA DAHOLO VE NY FIVAVAHANA REHETRA?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe eny?

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe tsia?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Tokony hanompo an'Andriamanitra araka izay tiany isika.
(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 15, fehintsoratra 1-4.)

Vakio ny Matio 7:21-23.
Araka ny nolazain'i Jesosy, nahoana no tsy ampy fotsiny ny *milaza* hoe mino azy na mino ny Rainy?

_____

_____

_____

Vakio ny Matio 7:13, 14.
Nahoana isika no tsy tokony ho gaga raha be dia be ny olona tsy mahita ny fivavahana marina?

_____

_____

_____



Raha dinihintsika tsara hoe hoatran'ny ahoana ny vola tena izy, dia ho mora amintsika ny hahita raha sandoka ny vola iray. Raha fantarintsika koa izay mampiavaka ny fivavahana marina, dia ho mora amintsika ny hahita raha diso ny fivavahana iray

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Hita hoe manaraka ny fivavahana marina ny olona iray, rehefa jerena ny zavatra inoany sy ny fitondran-tenany.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 15, fehintsoratra 5-14.)

Vakio ny Salamo 83:18 sy ny Matio 20:28 ary ny 2 Timoty 3:16, 17.

Inona no inoan'ny tena Kristianina momba an'Andriamanitra sy Jesosy ary ny Baiboly?

Vakio ny Matio 24:14 sy ny Marka 12:17 ary ny Jaona 13:35.

Ahoana no ahitana hoe manaraka ny fivavahana marina ny mpanompon'Andriamanitra, amin'ny fiainany andavanandro?

Nahoana *ianao* no resy lahatra hoe ny Vavolombelon'i Jehovah no manaraka ny fivavahana marina?

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Misy mahatsara azy daholo ny fivavahana rehetra.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Tena misy *olona* tia an'Andriamanitra aloha any amin'ny fivavahana tsirairay e! Mino anefa aho hoe fivavahana iray ihany no eken'Andriamanitra satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Ny fivavahanay no anisan'ny be mpivavaka indrindra eran-tany. Ireny olona be dia be ireny ve dia ho diso daholo?

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Betsaka ny olona mety hieritreritra hoatran'izany. Tsy mitovy hevitra amin'izany anefa aho satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania